


Mpanao politika Ramatoa **Lalatiana Ravololomanana** (sary eo ambony) ary anisan'ny nanakiana mafy dia mafy ny Filohan'ny Tetezamita Andry Rajoelina, tamin'ny fotoan'androny. Fa mampianatra filosofia ihany koa izy ary mpandinika ny raharaham-pirenena mipetraka eo amin'ny lafin'ny fanajana ny lalàna velona. Izany ny antony nanangana ny fikambanana MANDA, « *association des victimes du non-droit* ». Ny 21 Mars 2013 teo dia nanome ny fijeriny mikasika ireto PMP sy ny HCC *"vaovao"* ireto izy.




« Raha natao ny noheverin'ny rehetra sy nandrandrain'ny rehetra hamahana ny krizy dia tsy mbola tontosa amin'izao fotoana izao. Raha ny zavatra misy amin'izao fotoana izao, ao anatin'ny Antenimierampirenena ankehitriny, fotsiny no resahin-tsika satria anisan'ny mavaivay io zavatra io ankehitriny, namoaka hevitra na fomba jeriny ny HCC mikasika ny fametraham-pitoriana izay nataon'ny PMP, amin'ny handravana ny Birao maharitry ny Antenimierampirenena, dia hahitsy be ny fiteniko : raha toa ka noheverina fa tsy ara-dalàna ny fomba nanatontosana ny fifidianana ny Birao maharitry ny Antenimierampirenena, tamin'iny « *session spéciale* » iny, dia tany am-boalohany dia tsy tokony nandray anjara tamin'izany ny PMP.


www.madagate.com


www.madagate.com

[illegible]


www.madagate.com

[illegible]


www.madagate.com

[illegible]


www.madagate.com

[illegible]